# Mpamaky lay maneran-tany

## Samoa américaines

“Hoy Andriamanitra hoe eny”

Niaina tao anatin’ny olana ara-pahasalamana mafy i Leva ‘aia Levao. Tamin’ny taona 2015 dia nisy vay teo amin’ny masony. Sitrana ireo vay rehefa avy nanome tsodranon’ny fisoronana azy ireo misiônera. Nanomboka namaky ny Bokin’i Môrmôna niaraka taminy izy ireo.

Tsy faly ny olona sasany tao amin’ny vondrom-piarahamonina kely tao amin’ilay nosy nahita an’i Levao nanome lanja fivavahana vaovao. Naneso ny ezaka nataony izy ireo ary nanambany azy. Na izany aza, dia tsy nivadika mihitsy izy, ary tsy ela dia natao batisa. Tsy ela dia nanaraka azy niditra ho mpikamban’ny Fiangonana i Tui vadiny sy ireo zanany telo, ary taty aoriana dia lasa filohan’ny Fikambanana Ifanampiana tao amin’ny sampana nisy azy i Levao. Nahita ny ohatry ny fanoloran-tenany ny hafa, dia niantso azy hoe andry iankinan’ny Fiangonana tao Olosega.

## Corée du Sud

“Tsy hangatsiaka be intsony mihitsy aho”

Mpitandrina Presbiteriana i Choi Dong Sull izay nahatsapa fa andraikiny ny miaro ireo mpikambana ao amin’ny fiangonany amin’ Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany. Nanomboka nihaona tamin’ireo misiônera anefa izy ary nahita mazava ireo olana ara-potopampianarana izay nanelingelina azy. Fantany fa ny faharesen-dahatra vaovao nananany dia hitaky fiovàna amin’ny asa fivelomany ary hanimba ny fifandraisany amin’ny rainy, izay filohan’ny Fiangonana Presbyteriana tany Korea tamin’izany fotoana izany.

Nisafidy ny hatao batisa tao amin’ny Renirano Han i Dong Sull. “Tiako ho toy ny zavatra niainan’i Jesoa Kristy araka izay azo natao ny batisako,” hoy izy. Tamin’ilay maraina feno zavona tamin’ny 5 septambra 1981, dia nangatsiaka ny ranon’ny Renirano Han, saingy rehefa nivoaka avy tao anaty rano Dong Sull, dia nilaza fa nahatsapa hafanana anaty. “Ankehitriny aho dia isan’ny mpikambana ao amin’ny Fiangonana marin’ Andriamanitra marina,” hoy izy. “Tsy hangatsiaka be intsony mihitsy aho.” Roa herinandro tatỳ aoriana, dia natao batisa koa ny vadiny sy ny zanany roa lahy—tamin’ity indray mitoraka ity dia tao anaty trano fivoriana mafana. Ny fidirana ho mpikamban’ny Fiangonana dia tsy nanamora ny fiainan’i Dong Sull sy ny fianakaviany, saingy nahafahana nahazo fitahiana vaovao izany. “Ny fanenjehana sy ny fijaliana . . . taorian’ny batisako dia mihoatra noho izay azoko lazaina,” hoy i Dong Sull. “Namoy zavatra maro izahay tao anatin’ny dingan’ny [fidirana ho mpikamban’ny Fiangonana], kanefa dia nahazo zavatra betsaka mihoatra noho izay nonofinofisinay hatrizay.”

## Côte d’Ivoire

“Ireo varavarana ho amin’ny fiainana sy ny fahasambarana”

I Lydie Zebo Bahie no zanaka farany tamin’ny fianakaviany nipetraka tao an-trano rehefa maty ny ray aman-dreniny. Niteraka fahaketrahana mafy izany famoizana izany. I Faet Nadege, zanak’anadahiny, no nampahafantatra azy Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany.

Rehefa nandeha tany am-piangonana voalohany i Lydie dia nahatsapa fitiavana lehibe avy tamin’ireo rahavavy tao amin’ny rafitry ny Fikambanana Ifanampiana sy ny an’ny Zatovovavy. Na dia nijanona tsy namaky teny aza izy nandritra ny vanim-potoanan’ny fahaketrahany, dia hitany fa afaka nifantoka indray izy rehefa nandalina ny Bokin’i Môrmôna. Natao batisa izy tamin’ny 18 Novambra 1995.

Fotoana fohy taorian’ny batisany dia nahazo fahafahana hamerina ilay fitiavana naseho taminy tamin’ny alalan’ny fanompoana tao amin’ny rafitry ny Fikambanana Ifanampiana sy ny an’ny Zatovovavy izy. Misiôneran’ny sampana ihany koa izy, ary nanasa ny hafa mba hahatsapa ilay finamanana sy fiadanana izay azony vao haingana. “Ireo antso rehetra ireo dia nampahery ahy ary nanampy ahy hivoatra, na ara-panahy na ara-tsaina,” hoy i Lydie.

Lasa iray amin’ireo rahavavy misiônera voalohany nanompo tany amin’ny Misiôna Repoblika Demôkratikan’i Congo Kinshasa i Lydie.



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_474-1